

Voavela Heloka Tahaka ny Famelantsika Heloka

Nofaizina i Jesosy mba hahazoantsika famelan-keloka.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Nampianatra antsika hivavaka i Jesosy tao amin’ny Toriteny teo An-tendrombohitra:

> “ Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.” (Matio 6:12)

Ity fangatahana ity, dia milaza amin'ny teny hafa hoe: "Mamelà anay tahaka ny namelanay". Tsarovy fa mitovy amin’ny hamelanao heloka ny hafa, no hamelan’Andriamanitra anao. Raha mamela tanteraka ny hafa ianao, dia hamela anao tanteraka Andriamanitra. Fa raha mamela ny hafa amin’ny ampahany fotsiny ihany ianao, dia hamela anao amin’ny ampahany fotsiny ihany koa Andriamanitra.

Ny antony lehibe iray mahatonga ny Kristiana maro tsy mahazo valim-bavaka dia ny tsy famelany ny heloky ny hafa, matetika olona iray manokana. Tamin'ny zavatra niainako tamin'ny fanoroana hevitra ny olona, dia hitako fa ny tsy famelan-keloka no loharano mahazatra amin'ny fanakanana ny fiainany ara-panahy. Nanontany vehivavy iray izay notoroina hevitra aho indray mandeha hoe: “Misy olona tsy navelanao ve?” Hoy izy: “Eny”, ary nanondro olona iray niavaka tao amin’ny Fizarazaran’ny Fitsarana any Etazonia. Hoy aho: “Raha mila fanafahana ianao, dia tsy maintsy mamela azy. Tsy misy safidy hafa. Raha tsy mamela azy ianao, dia tsy hamela anao Andriamanitra.”

Vonona hamela heloka ve isika? Mety hieritreritra isika, tsy fantatro raha afaka aho. Mety hiteny koa Andriamanitra hoe: “Tsy fantatro raha afaka Aho.” Aleo isika no nanapa-kevitra. Ny famelan-keloka dia tsy fihetseham-po; fanapahan-kevitra izany. Antsoiko hoe "fandrovitana ny Lany" izany. Mety hisy olona ananantsika trosa telo alina dolara, nefa afaka ny ho ananan’Andriamanitra trosa enina tapitrisa dolara isika. Raha tiantsika handrovitra ny Laniny Izy, dia tsy maintsy mandrovitra ny antsika aloha isika.

Izany no lalàn'Andriamanitra tsy miova. Miorina ao amin’ny Vavakin’ny Tompo izany. Ary ny fangatahana farany ao amin’ny Vavakin’ny Tompo dia fangatahana fanafahana amin’ilay ratsy iray, dia i Satana. Tsy manan-jo hivavaka ho

© 2008 - Dries Du Plessis

fanafahana isika raha tsy efa namela ny heloky ny hafa tahaka ny tiantsika hamelan’Andriamanitra antsika.

Misaotra Anao, Jesosy ô, maty teo amin'ny hazo fijaliana ho ahy. Ambarako ny fahavononako hamela ny hafa, ary manambara fa nofaizina i Jesosy mba hahazoako famelan-keloka, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-096-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

